DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy



Tantara Madio

Voavela heloka aho ary nafahana tamin'ny fahotako.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny iray amin'ireo lafiny mahagaga indrindra amin'ny toetran'Andriamanitra dia ny hoe rehefa mamela heloka Izy, dia tsy mamela ny ampahany Izy. Mamela heloka tanteraka Izy. Nambaran'i Mika tsara izany:

> "Iza no Andriamanitra tahaka anao, izay mamela heloka sady mandalo ny fahadisoan'ny sisa amin'ny lovany? Tsy mitana ny fahatezerany ho mandrakizay Izy, Fa tia famindram-po. Hamindra fo amintsika indray Izy; ka hanitsakitsaka ny fahotantsika. Eny, harianao ho any amin'ny ranomasina lalina ny fahotany rehetra. (Mika 7:18–19)

Tsy tsara ve izany? Izay rehetra tsy nety nataontsika hatramin'izay — izay rehetra mety hahatonga antsika hahatsiaro ho meloka, na ny fiampangana rehetra mety hamelezan'ny fahavalo antsika — dia nitsahin'Andriamanitra ambany tongotra ary atsipy any amin'ny ranomasina lalina.

Nisy nahatsikaritra indray mandeha fa rehefa narian'Andriamanitra tany an-dranomasina ny fahotantsika, dia Nasiany fanamarihana hoe: "Aza manjono !" Aza miezaka ny miverina sy manangana zavatra efa nalevin'Andriamanitra. Raha namela anao Andriamanitra, dia voavela heloka ianao. Tsy misy fanontaniana. Feno tanteraka ny famelan'Andriamanitra. Ao amin'i Isaia dia miteny amin'ny Olony, Andriamanitra manao hoe:

> "Izaho dia Izaho no mamono ny fahadisoanao noho ny amin'ny tenako, ary tsy hotsarovako ny fahotanao." (Isaia 43:25)

Rehefa mamela antsika Andriamanitra, dia mamafa ny firaketana an-tsoratra Izy. Madio izy io. Toy ny hoe tsy nitranga mihitsy ilay navela. Tsy hoe Nesoriny fotsiny ny firaketana, fa Nofafainy tsy ho ao amin'ny Fitadidiany manokana. Nilaza Izy fa tsy hahatsiaro ny fahotantsika intsony Izy.

Tsy manana fitadidiana ratsy Andriamanitra, fa Izy manana fahaizana manadino. Ary rehefa Izy mamela heloka, Izy

manadino!

Misaotra Anao, Tompo ô, noho ny Famelanao. Manambara aho fa tanteraka ny famelan-keloka avy amin’Andriamanitra ho ahy: efa Nofafany ny firaketana momba ahy ka madio izany. Voavela heloka ary afaka amin'ny fahotako aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-155-MLG
Nohavaozina farany: 10 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

